




HAZO AMBOLENA
EO AMORON-DRANO

Un arbre planté près des eaux




HAZO AMBOLENA EO AMORON-DRANO

Philippe Laügt



Lot IVL 39 D
Anosivavaka Ambohimanarina
Antananarivo 101 - Madagascar
bibliothequechretienne@gmail.com


DLI n° : 03/2012-Association Ny Mpamafy - 5000 ex



Fizahan-Takila



pejy

Tonga mantsaka eo amin’ny loharanon’aina	6
Ny olona matoky an’Andriamanitra, “hazo ambolena eo amoron-drano”	10
Ny faka “mamaka” eo anilan’ny rano mandeha	13
Ravina maitso lalandava, voa maharitra sy be dia be	16



“Hotahina izay olona matoky an’i Jehovah, dia izay manana an’i Jehovah ho tokiny. Fa ho toy ny hazo ambolena eo amoron-drano izy, izay mamaka eo anilan’ny rano mandeha, ka tsy hatahotra, na dia avy aza ny hainandro, sady ho maitso ny raviny, ka tsy hanahy izy, na dia mihantona aza ny andro, fa tsy hitsa-hatra ny famoany” (Jeremia 17. 7-8).

Izany kisarisarin’ny “hazo ambolena eo amoron-drano” izany dia ampiasaina koa ao amin’ny Salamo voalohany ; mampiseho amin’ny fomba tena mazava ny tokony ho fiainana kristiana izany. Tsy tian’Andriamanitra avela hanana fahatsiarovana ny zavatra ratsy isika : raha miresaka ny hoavy mampalahelo miandry izay mametraka ny fitokiany aman’olona lzy (Jeremia 17. 5-6) — tranga iray izay, indrisy, fa mateti-piseho tokoa—, dia manolotra avy hatrany ny mifanohitra amin’izany, ny fitahiana azon’ny olona izay matoky tanteraka an’i Jehovah (and. 7-8 ; Salamo 118. 6).






Tonga mantsaka eo amin'ny loharanon'aina

Fahiny i Israely dia tsy nahavita ny addiny mihitsy : tokony ho nijoro ho vavolombelona ho an'Ilay Andriamanitra marina izy (Deoteronomia 7. 6). Kanefa, dia ninia nanompo andriamani-kafa izy (Jeremia 13. 10). Ary inona no hita amin'izao androntsika izao ? Manjaka ny fankafizana ny zavatra hita maso, tsy misy an'Andriamanitra. Miseho amin'ny herisetra, ny famonoan'olona, ny fitiavan-tena, ny avonavona, ny fihatsarambelatsihy izany, ary raha bangoina, dia amin'ny asan'ny nofo rehetra (Galatiana 5. 19). Ny toetra matimaty izay efa niseho tao amin'ny Fiangonana tao Laodikia (Apokalypsy 3. 16) dia vao mainka nivohitra ary nahazo tsikelikely ny tontolo rehetra milaza azy ho kristiana.


Ezahina am-pahibemaso ao amin'ny asa fanompoana ny hampiditra ahiahy mikasika ireo fahamarinana kristiana, nefa maro ireo olona mitaintaina no mahatsapa fa mila



miankina amin'ny fahamarinana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra.

Misy angamba, ao amin'ireo mpamaky, olona sasany izay nahatsapa ny fahantrany lalina ara-moraly sy ny tsy fananany hery hialana amin'izany ? Ny hany lalana hahafahana dia ny miaiky amin'i Jesosy, Ilay Mpamonjy, ny tsy fahavitan'ny tena izany ; Izy irery no afaka manome ny famelana ny fahotana. Izy no manome ny fiainana mandrakizay ary manisy toambo-kase ny mpino tsirairay amin'ny alalan'ny fitoeran'ny Fanahy Masina ao anatin'ny (Efesiana 1. 13).


Ny rany, izay tena sarobidy eo imason'Andriamanitra, dia nalatsaka indray mandeha tsy miverina teo amin'ny hazofijaliana ho an'izay mibebaka. Ny mpanota izay manaiky ny famonjena omen'i Jesosy Kristy azy, dia mbola voavonjy mandrak'ankehitriny. Ny olona tsirairay dia mila mandray amin'ny finoana izao fanambaràn'ny Soratra Masina izao : "Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra,








mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo” (1 Jaona 5. 13). Aoka ny mpamaky mbola tsy niova fo, izay manana fo leon’izao tontolo izao sy ny zava-poany, mba hanatona tsy misy hatak’andro hahita ny fiadanana eo an-tongotry ny Tompo !

Fa raha toa kosa isika efa anisan’ireo “voavidin’ny Tompo”, dia efa fantatsika fa tsy misy tsara ao anatintsika. Tsy maintsy miaiky miaraka amin’ny apostoly Paoly isika hoe : *“Fa fantatro fa tsy misy zavatra tsara mitoetra ato amiko, dia ato amin’ny nofoko”* (Romana 7. 18) ! Kanefa na dia mbola ao anatin’ny mpino tsi-rairay aza ny nofo, dia tsy “ao amin’ny nofo” intsony izy. Nahazo toetra vaovao tia an’Andriamanitra izy, ary ny faniriany dia ny hanao izay mahafinaritra Azy, ny hijoro vavolombelona ho an’Ilay Tompony ankehitriny, ary ny hamoa ho voninahiny. Ny fampitaovana rehetra avy amin’Andriamanitra dia eo am-pe-latànany : ny Fanahiny, ny Teniny ary ny fi-fandraisana mivantana amin’ny alalan’ny vavaka rehefa tandindomin-doza. Tokony ho



tanterahantsika eo amin’ny fiainana fa maty miaraka amin’i Kristy isika, ary efa miaina fiainam-baovao.






Ny olona matoky an'Andriamanitra, “hazo ambolena eo amoron-drano”

Asaina ny mpino mba hanahaka ny hazo ambolena eo amoron-drano. Amin'izay, ny raviny dia ho maitso lalandava : ny fijoroany ho vavolombelona dia hazava ho an'ireo olona manodidina azy. Amin'ny fotoan'ny fahamainana —ary tsy maintsy diavintsika matetika izany eo amin'ny fiainana— dia tsy hanahy izy ary tsy hitsahatra ny famoany !

Ny olona matahotra ny Tompo dia mitady ny fiarahana Aminy. Fantany tsara fa ao amin'io sehatra io dia tsy mety ritra ny rano. Tsy misy ahiana ny amin'izany. Tsy mila vaka saina hametra-panontaniana mitovy amin'ny an'ilay mpaminany hoe : *“Ho tonga amiko tahaka ny rano-trambo va lanao, dia rano tsy azo itokiana ?”* (Jeremia 15. 18).


Tsia, Andriamanitra dia mahatoky : tsy misy taratra fihodinana eo Aminy (Jakoba 1. 17).



Ho an'izay miverina Aminy, dia mampanan-tena Izy hoe : *“Raha hiverina ianao, dia horaisiko indray, ka dia hitsangana eo anatrehako ianao ; ary raha manavaka ny zava-tsoa amin'ny zava-poana ianao, dia ho solom-bavako”* (Jeremia 15. 19).

Tena mifanohitra amin'ilay olona matoky olona izany ! Any an'efitra izy, any amin'ny tany mangentana, any amin'ny tanin-tsira tsy misy monina (Salamo 107. 34). Ry kristiana ô, aoka isika tsy hametraka mihitsy fitokiana amin'ny nofo —izany hoe ao amin'ny olona voajanahary, miaraka amin'ny fahaizany, ny sitrapony, ny fitaovana ananany. Fampitandremana mahakasika ny nofontosika manokana koa izany (Filipiana 3. 3).

Maro, angamba, ireo izay toa nitoky tamin'i Jehovah nandritra ny fotoana fohy. Kanefa dia nihodina taminy avy eo, ary nitady ny hiankina teo amin'ny sandry nofo. I Israely dia toa nitady vonjy tany amin'i Egipta (Isaia 31. 1, 3). Tamin'izany izy dia nanantena ny ho voaaro tamin'ny fahavalo avy any avaratra,



“ilay vilany mangotraka” nolazain’i Jehovah (Jeremia 1. 13, 14).

Inona izany ny loharanon’ny fihodinantsika rehetra ? Ny fontsika —mamitaka hatrany ary tsy azo sitranina— izay Andriamanitra irery no mahafantatra azy tanteraka ! (Jeremia 17. 10). Tsy fitsarana ny “olona” amin’ny ankapobeny no hita amin’ity andininy ity. Mandinika ny fontsika Izy *“mba hanome ny olona tsirairay araka ny alehany avy, dia araka ny vokatry ny asany”* (and. 10). Ny fitsarany dia tsy azo ivalozana ; ny fieritreretana izany dia tokony hameno tahotra mitondra famonjena antsika.






Ny faka “mamaka” eo anilan’ny rano mandeha

Ny olona mitoky amin’i Jehovah —efa hiantantsika teo— dia azo oharina amin’ny hazo ambolena eo amoron-drano, izay mamaka eo anilan’ny rano mandeha. Misy ireo hazo, tahaka ny popola¹, izay maniry kokoa eo amin’ny tany mando. Hotanisaintsika koa ny hazomalahelo, izay mitombo tsara eo amoron-drano (Levitikosy 23. 40). Ireo hazo sasany izay mifo-drano aza dia maniry ara-bakiteny ao anaty rano.

Ny tany hambolena ny hazo dia tokony ho sahaza azy : ho an’ny mpino iray, ny fifaneraserana amin’ny Tompo dia tena zava-dehibe (Kolosiana 2. 7). Ny fakan’ny hazo, izay tsy hita ao ambanin’ny tany, dia tena manana ny lanjany lehibe tokoa. Vatofantsik’ilay hazo ireny, antoka amin’ny hamafiny. Mitsotra mankeny amin’ny rano mandeha izy ireny, mitady

¹ Peuplier, amin’ny frantsay *ndt* ; mitovitovy amin’ny hazo kesika






izany rano izany ka mitondra ny hanina ho an'ily hazo. Ny asany izany dia hiankinan'aina mihitsy ho an'ny fitomboana sy ny famokaran'ily hazo. I Joda dia mampitandrina ny amin'ireo olona amin'ny andro farany, izay tahaka ny *“hazo fararano, nefa tsy misy voany, indroa maty, voafongotra”*, ary pentimpentina eo amin'ny fanasàm-pifankatiavana —sakafo-pifankatiavana iarahany amin'ny mpino (and. 12).


Raha Jehovah no *“tokintsika”*, fomba fiteny milaza fa toetra mahazatra antsika izany, dia tsy misy ahiana ny hainandro —izay azo ilazana ireo fizahan-toetra. Na dia amin'ny masoandro mahamay aza *“ily hazo”*, dia ho maitso lalandava (Joba 8. 16) ! Ary tsy hitsahatra ny hamoa izy, vokatry maharitra, ho fifalian'ny fon'ny Raintsika (Jaona 15. 8, 16).

Ny fanatrehan'ny Fanahy Masina, izay miasa ao amin'ny mpino, no mitondra ho azy ny hery, ny fahazavana ary ny fanampiana amin'ny fahatakarana ny fanapahan-kevitra tokony ho raisina, ny lalana tokony harahina.



Eo ambanin'ny fitarihany, dia enga anie isika hanome voninahitra ny Tompo, ary hanao fanompoam-panahy feno hafanam-po ho Azy. Mba hahatontosana izany, dia tsy maintsy zatra mifandray amin'ny fitoerana masina.

Ny olona voaozona dia voalaza fa : *“tsy hahita, na dia avy aza ny soa”* (Jeremia 17. 6), ary ny olona voatahy dia hamafisina fa : *“tsy hatahotra, na dia avy aza ny hainandro”* (and. 8). Izay matoky ny tenany ihany na olon-kafa, dia voajamba ; tsy mahita ny fiavian'ny soa izy. Ny olona voatahy, izay mifandray mivantana amin'ny rano mangatsiatsiaka, dia tsy mijaly amin'ny tanamasoandro mandoro ireo hafa, izay tsy mahafantatra afa-tsy ny famorian-drano mitriatriatra tsy mahatan-drano (Jeremia 2. 13). Ny tombontsoa manokana ho an'ny mpino dia ny manandratra ny masonry, ny mibanjina sy ny mandray ho azy ireo harena be dia be izay ao amin'i Kristy.






Ravina maitso lalandava, voa maharitra sy be dia be

Tian'ny Tompo hitovy amin'ny hazo “feno tsiro” ireo olom-boavidiny ! Ny raviny, milaza ny fijoroana ho vavolombelona izay tazana avy lavitra, dia tokony ho maitso lalandava, ary ny voany ho be dia be (Salamo 92. 13-14).

Ny Tompo no nifidy antsika ; ny olom-boavidy dia mahatsapa fa tsy vokatry ny safidy nataon'izy ireo izany, fa *“araka ny nifidianany antsika tao Aminy, fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao”* (Efesiana 1. 4). Najorony isika, mba handeha sy hamoa.


Ny voa izay ho entintsika dia miankina amin'ny ao anatintsika sy ny halalin'ny fitiavantsika ny Tompo. Ilay Solemita dia nilaza hoe : *“Ao am-bavahadintsika misy voankazo tsara samy hafa, na ny vao na ny ela”*. Afaka miteny miaraka aminy ve isika hoe : *“Efa no-tehiriziko ho anao izany, ry malalako”* (Tononkiran'i Solomona 7. 13) ? Ny Tompo no matatonga ao anatintsika na *“ny fikasana”* na



“ny fanaovana” (Filipiana 2. 13). Nampitandremana isika fa raha misaraka Aminy, dia tsy mahay manao na inona na inona (Jaona 15. 5).

Jesosy Izy tenany mihitsy aloha no ilay Olona lavorary izay voalazan'ny Salamo voalohany. Nanome voa hatrany Izy isaky ny fotoany, na dia tamin'ny taonan'ny fahamainana aza ! Kanefa, toy inona ny fahatsapany fa mangentana ny tany, tsy misy rano ho Azy ! Fijaliana tsy misy farany no niaretany (Matio 17. 17), nefa ny loharanony rehetra dia tao amin'Andriamanitra (Salamo 87. 7).


Ny Soratra Masina dia manoritra ny vokatry ny Fanahy, misy voa tsara sivy : fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamorampanahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemam-panahy, fahononam-po (Galatiana 5. 22-23). Milaza ny vokatry ny fahamarinana hiananana koa izy (Filipiana 1. 11 ; Hebreo 12. 11). Ny apostoly Paoly, raha nanoratra ho an'ny Romana, dia nilaza hoe : *“Fa ankehitriny, rehefa natao afaka tamin'ny ota ianareo ka efa tonga mpanompon'Andriamanitra, dia manana ny*



vokatrareo ho amin'ny fahamasinana, ary ny farany dia fiainana mandrakizay” (Romana 6. 22). Rehefa mandroso ny taona dia mety hiova ny fijery ilay vokatra, nefa mitoetra ho Azy ihany izany !


Ny kristiana dia afaka, ary tokony, handray ho azy ny haren’Andriamanitra, araka ny voasoratra hoe : *“Mba homeny anareo, araka ny haren’ny voninahiny, ny mba hohatanjahina fatratra amin’ny Fanahiny ny toe-panahinareo ; mba hitoeran’i Kristy ao am-ponareo amin’ny finoana, ka hamaka sy hiorina mafy amin’ny fitiavana ianareo”* (Efesiana 3. 16-17).

Ny Fanahy dia miasa ao anatintsika, Kristy dia mitoetra ao am-pontsika amin’ny finoana, ary amin’izany, dia ho voatahiry ao amin’ny fitiavan’Andriamanitra isika (Joda 21).



Matin’ny hetaheta ve aho ? Eo anilan’ny rano mandeha no itondranao ahy amin’ny fatokianao ;

Hitako ao Aminao ny loharano miboiboika, mba hanala hetaheta ahy mandrakizay.





Ry mpamaky izay mangetaheta, io anjara mahafinaritra io dia mety ho anao koa. Ny Tompo irery ihany no afaka hanala ny heta-hetantsika rehetra : lzy dia fitiavana, ary te hitari-dàlana antsika mandrakariva, sady havokky ny fanahintsika ao amin'ny tany karankaina (Isaia 58. 11).

Ny tany karankaina dia matetika kisarisarin'ny fahamainana lalina ara-panahy. Ity izao tontolo izao ity dia manana io toetra io mandrakariva, kanefa ny mpino dia mahalala llay afaka mampody ny tany efitra ho rano monina sy ny tany maina ho loharano (Salamo 107. 35). Fantany hoe eo akaikin'iza no afaka hahitany ny anjara rano miboiboika ho azy isan'andro (Jaona 4. 14). Enga anie isika ho tahaka ny hazo oliva maitso ao an-tranon'Andriamanitra (Salamo 52. 8) !

